

FAMPITAM-BAOVAO

Antananarivo, 15 mey 2021

Nahatontosa ny asa fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana taona 2020-2021 ny vaomieram-pirenena mahaleotena misahana ny fifidianana (CENI), izay faranana tanteraka ny 15 mey araka ny didy aman_dalàna manan-kery mifehy ny fifidianana.

Ny 1 desambra 2020 hatramin'ny 15 febroary 2021, 405 284 ireo olompirenena feno 18 taona no ho mihoatra, nisoratra anarana ho isan'ireo mpifidy vaovao. Taorian'ny fe-potoana fanamarinana ny lisi-pifidianana izay naharitra 20 andro taorian'ny nahatongavan'ny lisitra teny anivon'ny fokontany manerana ny nosy, sy ny fanesorana ireo anarana miverina in-droa na mihoatra ; dia mitontaly 10 512 419 ireo mpifidy voarakitra ao anaty takelaka fanisana ny mpifidy amin'izao fotoana izao. Izany dia nahitana fiakarana 1,26% raha mitaha amin'ny antontanisa tamin'ny taon-dasa. 4 859 649 amin'ireo mpifidy voasoratra no vehivavy, izany hoe 46,23% ; raha toa ka 5 652 770 no lehilahy, izany hoe 53,77%. Na eo aza ny zava-misy sedrain'ny firenena noho ny valanaretina COVID-19, tsy nataon'ny CENI ho sakana izany hanatanterahana ireo asa fanaony manodidina ity fanavaozana isan-taona ny lisi-pifidianana ity. Tsy niato ny fanentanana ifotony sy ny fivoriana niarahana tamin'ireo mpisehatra amin'ny fifidianana (sehatra ifampidiniana). Nohamafisina bebe kokoa ny fanentanana tamin'ny alalan'ny haino amanjery sy ny tambazotran-tserasera.

Nifandraika tamin'izany dia nisy ny fanentanana mikasika ny fisoratana anarana sy ny fanamarinana ny fisoratana anarana nalefa tamin'ny onjampeo sy fahitalavi-pirenena. Ankoatra izany dia nisy hatrany ny fiaraha-miasa tamin'ireo fiarahamonim-pirenena, tao anatin'ireo fanentanana sy fanabeazana ny olompirenena hisoratra sy hanamarina ny anarany anaty lisi-pifidianana. Nomena tantsoroka manokana ireo rantsamangaikan'ny CENI eny anivon'ny distrika amin'ny fitantanana ny lisi-pifidianana. Ary farany, ireo fanentanana nalefa tamin'ny tambazotran-tserasera, mba hiantraika mivantana amin'ny olompirenena mampiasa azy ireny, indrindra ny tanora.

Na maro aza ny ezaka ataon'ny CENI amin'ny fanatsarana ny kalitaon'ny lisi-pifidianana dia hamafisina hatrany fa ny fananana lisi-pifidianana marina sy azo antoka dia ilàna ny fifanomezantan'ny rehetra : manomboka hatrany amin'ny olompirenena tsirairay, ireo ambaratongan-drafitra ara-panjakana samihafa misehatra amin'ny fifidianana, ireo fikambanana sy vondrona isankarazany tsy miankina amin'ny fanjakana, ny haino amanjery, ary ny CENI sy ny ratsamangaikany rehetra ifotony. Mila miara-mientana ny rehetra amin'ny fandraisana ny andraikitra tandrify azy handavorariana ny lisi-pifidianana, izay isan'ny manamafy ny fampanjakana ny demokrasia eto Madagasikara.

Tsy mitarain-tana-miempaka ny CENI manoloana ny fanakianana samihafa, ireny rehetra ireny dia entiny hanatsarana ny fomba fiasany amin'ny fampanjariana sy fanatsarana kalitao ny lisi-pifidianana.